Ny Foibem-pitondrana Ankapobe momba ny Hetra dia miasa hoa an'ny mpandoa hetra :

Ny mpiasa eny amin'ny Ivon-ketra dia faly mandray anao am-pitsikitsikiana .

Vonona ny hanome fahafaham-po sy hanamora ny fomba arahina amin'ny anton-dianao izy ireo

… satria ny Foibem-pitondrana Ankapobe momba ny Hetra ihany no Sampan-draharaham-panjakana misahana ny hetra anatiny miasa hoan'ny **vahoaka** … ary izay asa atao ao dia **maimaimpoana sy mangarahara avokoa**

…. ny ao amin'ny Foibem-pitondrana Ankapobe momba Hetra, mampivoatra ny fitokisana sy miady mavitrika amin'ny kolikoly

IRETO AVY NY ANTOKA OMEN'NY FOIBEM-PITONDRANA ANKAPOBE MOMBA NY HETRA

-Raha manatona ny Ivon-ketra ianao dia fantaro fa miasa ho anao **maimaimpoana** izy

-Hajaina ny mpandoa hetra: **mpiara-miombonantoka** no andraisana anao

-Isaky ny Ivon-ketra dia ahitana mpiasa **voatokana hisahana ny fandraisana** ny mpandoa hetra: izy no hanome toro-làlana

-Azo antoka fa **hanaja anao** ireo mpiasan'ny hetra

- Manana anjara **ho raisina amin'ny fomba manokana** ianao, mitondra famantarana manokana ireo mpiasan'ny hetra, hihaino ano izy

-Ampiasaina ny **fiteny mora hifandraisana**: ialàna ireo fiteny mety heverina ho miendrika fandrahonana sy saro-takarina

-Azo antoka fa ho mora ny fahazoanao **fanampim-panazavana** : ho hitanao sy azo zaraina ireo toro-làlana noraiketina an-tsoratra izay notsorina sy nohavaozina

-Tsy mazava aminao ny andraikitra amin'ny maha-mpandoa hetra : **ampiana ianao** amin'ny famenoana ireo antontan-taratasy ilaina, omena anao ny toro-hevitra ilaina ary atoro anao ny sampan-draharaha mahefa tokony hantonina.

… Misy fanontaniana ? Manantona ny Ivon-ketra fanndoavanao hetra: miasa ho anao maimaimpoana izy

IRETO KOSA NY ANDRAIKITRA TOKONY HO RAISIN'NY MPANDOA HETRA

-Ny mba angatahana aminao dia ny hanajanao ireo iraka sahanin'ireo mpiasan' ny hetra

- Tokony hifanaraka ny endrim-panajana misy: araka ny nanajana anao no **tokony hanajanao** ihany koa ny mpiasan'ny hetra

- Azo **itokisana ianao** ary feno fahamarinana ireo filazalazàna ny fandoavan-ketra sy ireo fanambaràna omenao ny sampan-draharaha

- **Valio** haingana ao anatin'ny fangaraharàna ireo fangantaham-panazavana ilain'ny Foibem-pitondrana Ankapobe momba ny Hetra

- T**sy andrasanao** ny daty farany vao hanefa ny adidy amin'ny fandoavan-ketra: azonao atao tsara ny tsy milahatra rehefa manefa izany adidy izany

- Tsy ho ianao io akory no hanana eritreritra **hanao fitarainana tsy** mitombona ka hampitarazoka ny raharaha fandoavan-ketra

- **Ampahafantaro** haingana ny lehiben'ny Ivon-ketra ireo mpanelanelana**:** endrika fisolokiana mety hanaratsy ny fifandraisana amin'ny sampan-draharahan'ny hetra ny fisian'izany.

-Tsy hisalasala ianao hanantona ny lehiben'ny sampan-draharaha, vonona ny hihaino anao izy

...Miezaka ny manaja anao ny Foibem-pitondrana Ankapobe momba ny Hetra, mendrika an'izany fanajana izany koa izy sy ny mpiasa ao aminy

Direction Générale des Impôts
Immeuble Ministère des Finances et du
Budget Antaninarenina
4ème étage porte 420
Tél: (261) 20 22 355 50- 20 22 663 14
e-mail:dgimpots@iris.mg

MINISTERAN'NY FITANTANAM-BOLA
SY NY TETI-BOLA

SEKRETERA JENERALY

FOIBEM-PITONDRANA ANKAPOBE
MOMBA NY HETRA

Sata Ifandraisana amin'ny Mpandoa Hetra

«Ny asa matihanina sy manara-penitra no miantoka ny dingana lehibe ara-kalitao ho amin'ny fampandrosoana maharitra »

Ny tranokalam-pifandraisana
http://www.impots.mg